

#### **A FAHATOKIANA. 1 Korintiana 4:2.**

- ❖ Ny hoe mahatoky an'Andriamanitra dia mitoky Aminy (manana finoana) ary miandany Aminy.
- ❖ Tsy maintsy mahatsiro ny Teniny isika ary mitoetra mahatoky amin'izy ireny rehefa alaim-panahy.
- ❖ Abrahama dia ohatry ny fahatokiana. Nino ary nitoetra mahatoky tamin'Andriamanitra izy hatramin'ny farany. Nibanjina ilay Tanàna any an-danitra ny masonry (Hebreo 11:8-19).

#### **B MAHITSY FO. Apokalypsy 2:10.**

- ❖ Ny hoe mahitsy fo dia mitoetra amin'ny fitiavana an'Andriamanitra ary mahatoky Azy hatramin'ny farany. Fanehoana ivelany ny finoantsika manokana, ny fahatokiantsika ary ny fanolorantenantsika izany.
- ❖ Tsy afaka ny ho mahitsy fo amin'Andriamanitra sady amin'ny zavatr'izao tontolo izao isika.
- ❖ Misy fiatraikany amin'ny fomba fiainantsika ny fahitsiam-pontsika.
- ❖ Ho mahitsy fo mandrakariva amin'Andriamanitra isika na inona na inona mitranga eo amin'ny fiainantsika (Joba13:15)

#### **D FIERITRERETANA MADIO. 1 Timoty 3:9.**

- ❖ Ny fieritreretantsika dia mety ho “ratsy” na “voapetaky ny vy mahamay” (Hebreo 10:22; 1 Timoty 4:2).
- ❖ Tsy maintsy havaozina indray ny fieritreretantsika ratsy, kanefa tsy haintsika atao samy irery izany. Jesosy irery ihany no afaka manadio ny fieritreretantsika (Hebreo 9:14).
- ❖ Rehefa voadio ny fieritreretantsika, dia mifanitsy amin'ny lalàn'Andriamanitra amin'izao izy. Ny Lalàn'Andriamanitra no mpitari-dalana azo antoka ho an'ny mpino.

#### **E FANKATOAVANA. 1 Jaona 5:3.**

- ❖ Ny mpitantana fanana mahatoky sady mahitsy fo—manana fieritreretana madio—dia mahatakatra fa miasa eo ambanin'ny fahefan'ny Tompony izy.
- ❖ Ny fanekena izany fahefana izany dia mitarika fankatoavana ny didin'Andriamanitra.
- ❖ Tsy mankato tanteraka an'Andriamanitra isika rehefa mankato Azy tapatapany na araka izay fitsipiky ny tenantsika manokana (jereo ny ohatr'i Abela sy Kaina).

#### **F AZO ITOKIANA. Lioka 16:10.**

- ❖ Amin'ny maha-mpitantana fananana antsika, dia tsy maintsy olona azo itokiana isika. Tsy mahazo manaraka ny hevitra ny be sy ny maro ny Krisitiana fa araka ny fitsipiky ny Baiboly.
- ❖ Daniela sy Josefa dia samy mpitantana fananana azo itokiana satria nahatoky tamin'ny zavatra kely sy tamin'ny zavatra lehibe.
- ❖ Ny mpitantana fananana mahatoky dia mitaratra ny toetran'i Jesosy eo amin'ny asa ataony sy ny fitondrantenany.